# Fitondrana Rajoelina
# Ny didy jadona no lehibe indrindra 2

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 oktobra 2019 Laharana 970 Vidiny : 400 Ar

## Ambohitrimanjaka 3
Efa avy manitsaka ny fitondrana Rajoelina vao manao azafady

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

## Angôvo 6
# Mbola mampijaly ny mpanjifa ny solika



## Rina N°02 Antananarivo 2
# Ny mponina mihitsy no mila azy



## MONDIAL RUGBY 2019 4
Miditra amin'ny dingan'ny ankatoky ny famaranana



## Fiainan'antoko 2
Noravana ny Dis-TIM Mahajanga I

## Bacc faha-2 manokana 6
Mpianatra miisa 29 no tsy tonga tamin'ny fanadinana tany Betroka

## Ady amin'ny tsy fandriampahalemana 6
Basy 4 vita gasy saron'ny zandary

## Daka kely
Hanatitra inona any amin'ny Rosiana ialahy ry Boaikely a !

## Fafah Mahaleo 5
Tam-pahamendrehana ny fanaovam-beloma farany azy



### RINA N°02 ANTANANARIVO

# Ny mponina mihitsy no mila azy

Manohy ny hetsika fampahafantarana azy eto Antananarivo ny kandidà ben'ny tanàna avy amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM) Rina Randriamasinoro na Rina N°02 amin'ny biletà tokana. Ombieny ombieny dia tsapa fa ny mponina mihitsy no mila sy mitady azy. Omaly sy afak'omaly, Mandrangobato faha-2 Anosibe, Andranomanalina, Manarintsoa, Andavamamba no nihaona taminy. Tao Andranomanalina, fahoriana lalandava no iainan'ireo mponina vantany vao mirotsaka ny orana. Toy izao no miandry azy ireo raha vao mivoaka ny trano: rano sy fotaka mandrevo mitondra fofona tsy zaka, nefa dia tsy maintsy miroboka rehefa hivoaka hamonjy ny asa fivelomana sy ny toeram-pianarana. Araka ny fangatahan'ireo mponina teny an-toerana, avy hatrany dia vahaolana no naroson'i Rina. Misy ny asa mila fotoana sy fanarenana maharitra hoy i Rina, fa tsy maintsy vitaina ao anatin'ny fotoana fohy kosa ny fanadiovana sy fanamboarana ity lalana eto Andranomanalina ity. Raikitra ary ny asa, ny tanora lahy sy vavy avy eo an-tanàna ihany no nantsoina hanao ny asa tanamaro na Himo (Haute Intensité de Main d'Oeuvre). Tapakevitra izy ireo ny hivoatra sy hiaina anaty fahadiovana. I Rina kosa mamatsy fitaovana sy mankahery azy ireo. Mihaino sy mandray ireo fangatahana sy hetahetan'ireo mponina any anaty tanàna sy elakelantrano i Rina. Resy lahatra izy ireo fa tanora mavitrika sy voky traikefa ary mifampitakosina amin'ny vahoaka toa an'i Rina no andrandraina hitantana sy hanarina an'Antananaivo renivohitra. Tsikitsiky sy endrika feno fanantenana no nandraisan'ny mponina Andranomanalina, Manarintsoa ary Andavamamba an'i Rina teny amin' ny lalan-kely sy toerampitadiavana samihafa nolalovany. Ny tao amin'ny fokontany Anosibe Mandrangobato indray, dia nitondra vatsy sy fitaovana hamonjena ireo mponina traboina noho ny haintrano niseho ny sabotsy 19 oktobra teo ny kandidà laharana faha 2. Nataon'i Rina laharampahamehana ny fanomezana ireo kojakoja ilaina an-davanandro sy an-tokantrano toy ny lamba fitafy, ny kojakoja samihafa ilaina ao an-dakozia ary ny fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra, araka ny fangatahan'ireo traboina ihany, izay noheverin'izy ireo fa maika aminy. Ankoatra izay dia nihaino ny hetaheta sy fangatahan'ireo traboina i Rina. Fanantenana vaovao ho an'ny tanànan'Antananarivo sy ny vahoaka ao aminy i Rina. Hitondra ainga vao hametraka amin'ny toerany ny maha renivohitr'i Madagasikara an'Antananarivo hatrany. Ananany ny fahalalana sy ny fahaiza-manao ary ny traikefa entimiatrika izany. Kandidà efa voasedra sy efa nahavita be tamin'ny fitantanana mahomby nasehony nandritra ny naha talen'ny fitantanam-bola sy tamin' ny nanendrena azy ho sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo renivohitra.



*Rina N°02, nihaona mivantana tamin'ny mponina teny Andranomanalina.*

**Stefa**

Fiainan'antoko

# Noravana ny Dis-TIM Mahajanga I

Araka ny fanambarana navoakan'ny sekretera jeneraly nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny senateran'i Madagasikara Olga Ramalason, ravana ny biraon'ny Dis-TIM any Mahajanga voalohany, nalana tsy ho mpikambana amin'ny antoko koa ny mpitarika izany rafitr'ity antoko ity izany tao an-drenivohitra Boegny. Izany dia araka ny sata mifehy sy ny fitsipi-pitondrana ao anivon'ny antoko TIM. Noho izay antony izay, ravana sy mitsahatra amin'ny asany ny biraon'ny Dis-TIM Mahajanga I, izay notarihan'ireto olona ireto dia : Rakotovao Roger Yvon filoha teo aloha, sy Andriamarolahy Leda Jasmin sekretera jeneraly teo aloha. Omen'ny birao politikan'ny antoko alalana kosa ny senateran'i Madagasikara Mahaliny handray an-tanana ny raharaha rehetra mahakasika ny antoko TIM ao amin'ny distrikan'i Mahajanga I.

**Nangonin'Isambilo**



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Olga Ramalason.*

Filohan'ny Antenimierandoholona

# Miantso ny Vondrona Eoropena hanao famelabelarana etsy Anosikely

Nanatanteraka fitsidihana ara-pomba fifanajana ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO, ny Masoivohon'ny Vondrona Eropeanina eto Madagasikara, Giovani Di GIROLAMO omaly. Mitsidika ireo Andrimpanjakana rehetra misy eto amin'ny firenena izy ireo mba hifanakalo hevitra eo amin'ny lafiny ara-politika, ekonomika ary sosialy, ahafahany mahafantatra bebe kokoa ny zava-misy eto amin'ny firenena. Eo ihany koa ny fanamafisana ny fifandraisana eo amin'ny parlemanta eto Madagasikara sy ny parlemanta ao anivon'ny Vondrona Eropeanina.



*Ny fihaonana teo amin'ny filohan'ny Antenimierandoholona, sy ny Ambasadaoron'ny Vondrona Eropeana tetsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely.*

Nambaran'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO, fa zava-dehibe ho an'ny andrim-panjakana tarihany ny fifanakalozana toy izao ary nanasa azy ireo ny tenany mba hitondra famelabelarana eo anivon'ny fivoriana azon'ny besinimaro atrehina amin'izao fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa izao, satria ilaina tokoa hoy izy ny ahafantaran'ny rehetra ny mombamomba izany Vondrona Eropeanina izany.

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

# Ny didy jadona no lehibe indrindra

Fahavalom-pirenena ireo olona manakana ny fampandrosoa. Io no teny hentitra nambaran'ny filoha Andry Rajoelina nandritra ny fitsidihany tany Vakinankaratra ny faran'ny heinandro teo. Fa fahotana ve moa ny fiarovana ny taniny namelona azy (Vahoaka) hatramin'ny taona maro nifandimby? Kilasiana ho fahavalo izay mba mitaraina fa voan'ny tsindry hazolena. Manaiky ny fanaovana tetikasa fanamboarana ilay Tana-Masoandro ireo mponina eny Ambohitrimanjaka sy ireo kaominina 3 hafa, fa tsy eken'izy ireo kosa ny famotehana ny fihariany izay miantoka ny fivelomany mandritra ny taona maro nifandimby. Mangataka koa ireo mponina ny hananganana io tetik'asan'ny filoham-pirenena io ho any amin'ny toerana hafa. Tsotra sady tsy hampisy olana na amin'iza na amin'iza raha toa toerana hafa no hananganana ilay Building mora, trano mora, Ministera , ny andrim-panjakana samihafa, fivarotana, kianja filalaovana, hopitaly , fianarana ,sns… Filàmboatsiary fotsiny no ataon'ny fanjakana manao amboletra ary hanehoany tokoa fa azy ny hery hahafahana mamoritra vahoaka, ka raha misy manohana sy mitsikera dia kilasiana avy hatrany fa "Fahavalom-pirenena". Didy Jadona ara-bakiteny no ataon'ny fitondrana Rajoelina mahakasika ity raharaha Tana-Masoandro ity, ka tsy maintsy ho totofany ny tanin'olona na inona na inona ataon'ireo mponina voakasik'izany. Raha tsaroana kely ny tantara tany aloha , dia ity resaka didy jadona ity no niampangana ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny nitantanany ny firenena. Iza àry izao no tena mpanao didy jadona? Alaina an-keriny ny tanim-bahoaka, amidy amin'ny vahiny ny velaran-tany misy ireo harena an-kibon'ny tany any amin'ny faritra maro.Mitohy tsy ankijanona ny fanaovan'ireo mpandraharaha teratany Malagasy na vahiny manondrana ny hazo sarobidy, ny harena an-dranomasina. Somary tsy nandrenesam-peo firy tokoa mantsy ireo voalaza ireo fa naleon'ny fitondrampanjakana norebirebena sy navily ny saim-bahoaka amin'ireo raharaha nafampana toy ny Tana-Masoandro sy fanaovana vato fototra etsy sy eroa, amin'izay tsy misy mahita ny fanaovana gaboraraka ny harem-pirenena izay mbola mitohy izany , nanomboka tamin'ny fitondrana Tetezamita ka hatramin'izao. Izay ilay famitaham-bahoaka manara-penitra. Fehiny , na tsara na ratsy ny tetik'asa kasaina hatao , rehefa tsy mijery hafa-tsy ny lalan-tokana tsy misy teny ifampierana , ifampidinihana , araka ny lalàna dia Didy Jadona no dikan'izay. Ka amin'ity fitondrana Andry Rajoelina ity, tsy ny fitiavana no lehibe araka ny teny filamatr'izy ireo, fa ny didy jadona no lehibe indrindra.

**Rajaonarimpanontsana**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Maholy A

Ny Valosoa sy hadihady

## Fitondrana Rajoelina
# Efa miseho hatrany ny olana vao mikoropaka

Mandrapahoviana no hahay hitsinjo ny ho avy sy hisoroka izay mety olana mpitranga eto amin'ny firenena ity fitondrana Rajoelina ity ? Raha tena mpitondra mahay mitantana firenena tokoa ary mahatsiaro ho mpanompon'ny vahoaka fa tsy tompoin'ny vahoaka dia tsy matory andro aman'alina mifofotra mijery izany. Ny olana maro samihafa mitranga amin'izao fotoana izao etsy sy eroa dia efa mpiseho teto amin'ny firenena ny ankamaroany. Anisan'izany, ohatra, ny fitakiana ataon'ny mpikambana amin'ny Seces sampana Antananarivo, na momba ny vatsim-pianaran'ny mpianatra, ny olana momba ny tany ka hikasana hanilihana ny mponina, ny olana amin'ny fifidianana, ny krizy mpitranga amin'ny sakafo na zavatra fanjifan'ny mponina andavanandro, raha tsy hilaza afa-tsy ireo. Ny hita hatrany dia efa miverina mitranga ireny olana samihafa ireny ary efa miha- mafana ny fisehony vao mikoropaka ny fitondrana. Tsy araka ny anarana isalorana fa miada-pamindra amin'ny fandraisana andraikitra.
Vao nitranga indray ity ny olana teo amin'ny famatsiana solika. Efa tokony ho fantatry ny fitondrana ny toe-tsain'ny vahoaka Malagasy sy ny fihetsika ataony rehefa misy zavatra mipoitra mahatohina ny filany andavanandro, ka miha tsy hita eo amin'ny tsena. Tsy tokony ho mpitondra raha tsy mahay an'izany. Niaraha-nahita ny zava-nisy na dia niezaka nanazava aza ny tomponandraikitra samihafa. Ny tsikaritra dia niantomotra tanteraka ny tsy fahampiana, mba tsy ilazana hoe tsy hisy, ara-tsolika teto an-drenivohitra sy ny manodidina. Antony ny firohotana samy nanjifa solika ireo mpampiasa ity loharan'angôvo io. Tokony hahay hisintona lesona amin'izany ny mpitondra, raha tena mpitondra marina tokoa, fa tsy hanome tsiny an'iza na iza na hanenjika olona toy ny fanaony indray tato ho ato. Rehefa tsy manana traikefa ny fahendrena dia maka lesona sy manatsara ny fomba fiasa. Mila mahatsapa ny fitondrana fa misy elanelana eo aminy sy ny vahoaka ary miha-ratsy endrika ny maha to teny azy matoa efa noezakezahina mafy tamin'ny haino aman-jery maro samihafa ny fanazavana kanefa tsy mandaitra amin'ny olona. Izany toe-javatra izany anefa tsy tongatonga ho azy fa miainga mandrakariva amin'izay fihetsika sy fomba fiasa ataon'ny fitondrana. Mila mandini-tena lalina araka izany ny mpitondra sy manam-pahefana rehetra mba tsy hihombo ny "aretina" manjo ny firenena.

**Sôh'son**

RAHARAHAM-PIRENENA

# Ailiky ny IRD sy ny forongony amin'ny TIM ny tsy fahombiazany

Mampitombo ny olana tsy mety voavahany foana ny Vovonana IRD sy ireo mpomba ny filoha Andry Rajoelina. Raha tsorina dia mitady fahavalo amin'ny mpanohitra sy izay tsy manaraka ny baikony ny fanjakana. Fa iza moa ireo halany bika sy tarehy ireo fa tsy Malagasy tahaka azy ihany? Rehefa ny vahiny no maka ny tanin'ny Malagasy dia tsy ahitan-teny na mipirina mihitsy ny mpitondra, rehefa Malagasy toa azy dia atao izao fanenjehana be fahatany rehetra izao, ka atolaka any amin'ny TIM sy ny filoha Marc Ravalomanana avokoa izao tsy fahaiza-mitantanana sy tsy fahaizan'ny mpitondra rehetra izao ankehitriny. Ny marina tsy takona afenina anefa dia ireo mpila ranondranony sy zatra misolelaka amin'ny filoha Andry Rajoelina no tsy nahavita ny andraikiny , mba tsy ilazana fa tsy mahay na inona na inona , ka ailika any amin'ny mpanohitra ny rihatra. Nisy ny halatra laza adina tamin'ny bacc fihodinna voalohany dia nolazain'izy ireo fa ny TIM, misy ny raharaha Ambohitrimanjaka dia lazain-dRajoelina sy ny forongony fa ny TIM no tao ambadika, tsy misy koa ny solika dia mbola TIM ihany ve no tompon' andraikitra? Aza ailika amin'ny hafa ny tsy fahombiazana, vao mainka aza izany mampalaza ny antoko najoron'i Dada. Zara aza nisy ny mpanohitra , hanafenana ny kilema. Efa nilaza tamin'ny fomba ofisialy , amin'ny fijoroan'ny antoko mpanohitra ny TIM ary nanamafy fa hanohitra ny tsy rariny eo amin'ny raharaham-pirenena. Tsy hanongana fa hanangana , araka ny hevitra ijoroany. Koa nahoana no roràna tsy maimbo? Izay zavatra tsy mandeha sy misavoritaka rehetra izao, dia lazaina fa ny filoha Marc Ravalomanana no ao ambadika. Inona no tiana ahatongavana amin'izany hevi-dratsy izany. Alaim-panahy ny mpandinika ny fiarahamonina fa toa ireo mpitantana ny firenena, natao hitondra vahoalan'ny vahoaka amin'ny fampihavanana sy fampandrosoana indray ity no manangam-pahavalo sy mitady korontana, hampisara-bazana ny mpiray tanindrazana. Diso fahavalo tanteraka ny vovonana IRD raha ny fahitan'ny maro azy . Efa tsy amin'izany intsony ny politika tokony hatao , amin'izao fotoana izao. Raha izao fomba ratsy nolovain'izy ireo tamin'ny Tetezamita izao no mitohy dia hifototra any aminy ny rihatra rehetra , hifampihinana an-toerana ao izy mianakavy, ka ho rava ho azy ity fitondrana sadasada ity. Hikohon'ny nahany toy ny ranovola tra-maina…

**Rajaonarimpanontsana**

TONONKALO

## INONA NO VAOVAO ?

Inona no vaovao ry havana mpamboly vary ?
- Tsy ho ela dia ho tonga eto amintsika ny mosary.
Efa tsy hitoetra intsony ilay fiteny teto an-dasy
Hoe "ny vary , vary ihany" izay no an-dRamalagasy !

Hotototofana , hono, mantsy iretsy tanimbary maro,
Fa ny tarik`i boaikely toa minia tsy mahatsiaro
Ny hafatrafatr`olon-kendry dia Andrianampoinimerina
Ka ankehitriny izany dia ezahiny toherina !

Inona no vaovao ry namana mpanao gazety ?
- Tsisy zavatra manjary , tsisy zavatra mba mety.
Sazy vola , fandrahonana , ary angamba ho famonjàna
Ho an`izay mikiribiby manakiana fitondrana !

Sary kely mba nalaina , saika nahitana loza.
(Hay tsy mahatanty kiana iretsy tariky ny foza !)
Inona no vaovao rankizy niatri-panadinana ?
- Tsy manjaka eto amintsika izany hoe fahamarinana.

Laza adina mivoaka mialohan`ny fotoana,
Aiza re ny tohin`iny f`aza modimody moana !
Ianareo mpitondra manko , kevoka fa hoe "milay"
Fa dia ny mpianatra hatrany no lazaina ho tsy mahay !

Inona no vaovao ry mponina eto an-drenivohitra ?
- Sotasota hatrany hatrany no mahazo ny mpanohitra.
Indreo ny fako fa miavosa sady iniana tsy alàna,
Hiely indray ny fofon-dratsy hanamaimbo ny tanàna.

Ny orinasa izay mpitaona , asa ihany izay andrasany.
`Zao i Neny no lazaina fa tsy mahavita ny asany.
Dia izany foana hatrany , misy fomba sadasada
Hanakanana an`i Neny sy hanafaizana an`i Dada.

Izany ihany , izany hatrany mialoha ny fifidianana.
Mihorohoro iretsy ankilany ka manao izay haminganana!
Inona no vaovao , ry bandy akama , ry saofera ?
- tena tsisy indray ny solika ka ity vao tena "orera" !

Toa ampoizina sahady fa hisondrotra ny vidiny,
Ary ireo vahoaka hatrany no hivesatra ny ngidiny,
Fa ny fitondrana kosa , hiala bala mora ihany
Hoe tsy avy aminy mihitsy ny antony nampisy izany !

**DADAN`i ZINA ( 22-10-19)**

Raharaha Ambohitrimanjaka

# Efa avy manitsaka ny fitondrana Rajoelina vao manao azafady

Minisitra, mpanolontsaina manokana, iraka avy amin' ny filoha Andry Rajoelina, APIPA, Teknisianina isan-karazana miaraka amin' ny fitaovana maro, fa indrindra ny nampiasaina mpitandro ny filaminana namita iraka hamoritra ny mponina. Ireo no nalefan' ny Filoha Andry Rajoelina, nisolo vaika ny ankalana, nisolovava azy , niatrika ireo vahoaka mahatsapa fa voan'ny tsindrihazolena vokatry ny fakana an-keriny ny tany ivelomany sy ny fandravana ny trano fonenany. Tsy sahiny ny hiatrika mivantana an'ireo vahoaka ireo, ka naleony nandefa mpialoha lalana. Natao hitsapa ny hafanan'ny maripana, ny mpi-ara-miasa aminy. Ireto mponina anefa dia nanao antso avo , am-panajana, ny hahatongavan'ny Filoha teny an-toerana, izay izy no fototry ny olana amin'ny maha tompon-kevitra voalohany azy amin' ny fanatontosana ny nofinofiny Tana-Masoandro, hitondra fanazavana izay tena fonosin'ity tetikasa mahabe resaka ity. Mbola nanamafy hatrany ireto mponina mahatsiaro ho voahosihosy ireto, fa tsy manakana velively izay tetikasa heverin'ny filoha ho fampandrosoana fa tsy tokony hatao amboletra sy didikofehy lehibe kosa no anaovana izany. Maro ny tany sy kaominina manodidina an'Antananarivo azo anorenana ilay Tana-Masoandro , hoy izy ireo, ary angatahany ny tsy hamonoana ny foto-pivelomany nihariany efa an-taonany maro. Tsy fahavalom-pirenena ny mponina eny Ambohitrimanjaka , Anosibe Zaivola sy ny Kaominina manodidina fa mitaky ny zony hiaro ny taniny. Nandritra ny fihaonan'ny roa tonta, ny iraka manokan' ny filohan'ny Repoblika, notarihan'i Pierre Houlder sy ny solontenan'ny mponina Ambohitrimanjaka, samy mitana ny heviny ny an-daniny sy ny an-kilany ary nivoitra kosa fa mihantona aloha ny asa, ka tsy hisy ny fanesorana ireo olona voakasiky ny tetikasa amin'ny taniny sy ny tranony ary tsy hanomboka mihitsy ny asa fanotorana raha tsy vita ara-d alàna avokoa ny fandoavana onitra ara-drariny ho azy ireo. Ny fokonolona mbola nanamafy hatrany ny fandavany, ny fakana ary ny fanotorana ny taniny. Ankoatra izany, ny avy amin'ny Antenimierandoholona, ny solontenan'ny loholona, ny Ante- nimierampirenena, ny avy amin'ny Mpiaro ny Zon' olombelona CINDH, ny mpiaro ny zon'olombelona sy ny demokrasia, ireo fikambanana fiarahamonim-pirenena, ny malagasy monina any ivelany sy eto an-toerana ary ny ankolafy politika, toy ny solombavambahoaka dia efa samy naneho ny heviny avokoa ny mety sy ny tsy mahamety ity tetikasa etsy Ambohitrimanjaka ity ary nisy ny tonga teny an-toerana mihitsy nitady ny marina. Ny avy ao amin' ny fitondrana kosa dia toa manao azafadin'ny Merina ka rehefa avy manitsaka vao manao mbay lalana, na manao azafady...

**Rajaonarimpanontsana**



*Ireo vahoaka eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina mitaky ny zony.*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny kandidà Rina N°2 teny Andranomanalina, Manarintsoa, Andavamamba omaly.









**MONDIAL RUGBY 2019**

## Miditra amin' ny dingan'ny ankatoky ny famaranana

Miditra amin'ny dingan'ny ankatoky ny famaranana amin'izao fotoana ny fiadiana ny amboaran'ny tompon-daka eran-tany amin'ny rugby na ny Mondial rugby 2019, izay atao any Japon. Amin'izao faran'ny herinandro izao no hanatanterahana ireo lalao ankatoky ny famaranana. Ny sabotsy 26 oktobra izao ny lalao ankatoky ny famaranana voalohany, hikatroka amin'izany i Angletera sy ny All Blacks avy any Nouvelle Zeland. Amin'ny 5 ora hariva any Japon no hatao izany lalao izany, na amin' ny 10 ora maraina aty amintsika. Ny lalao ankatoky ny famaranana faha-2 dia hatao ny alahady 27 oktobra izao, hikatrohan' ny Springboks Afrika Atsimo sy i Pays des Galles, lalao hanomboka amin'ny 6 ora hariva any Japon fa amin'ny 11 ora antoandro aty amintsika. Ny zoma 1 novambra no hanatanterahana ny lalao fiadiantoerana laharana faha-3 amin'ity mondial eo amin' ny baolina lavalava ity, ny sabotsy 2 novambra kosa no ho tontosaina ny lalao famaranana.

*Lita*



*Ny ekipam-pirenen'i Afrika Atsimo sy Nouvelle Zeland.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Ro ovy sy patsa ary henomby** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba tsotra sy haingana hahazoana nify fotsy mangatsakatsaka



Fomba famotsiana nify indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Zavatra ilaina: dentifrice, voasarimakirana 1, voatabia 1 ary vilia jobo 1. Ny fampiasana azy:

- Arotsaka ao anaty vilia jobo ny dentifrice,
- Arotsaka manaraka izany ny ranon'ny voasarimakirana,
- Arotsaka farany ny ranon'ny voatabia.

Afangaro tsara izy rehetra mandrapahazoana fangaro marihitra somary madidy vao ajanona.

Fampiasana azy:

- Atao fiborosiana ny nify mandritra ny 2 ka hatramin'ny 3 minitra.
- In-telo isankerin'andro ihany no atao izany.
- Ajanona avy hatrany rehefa mahazo vokatra tsara mahafapo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Mangaoka any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'i Mangaoka any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana, indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Somary iva toerana ihany izy satria 34 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Mpamboly vary, mangahazo, akondro, katsaka. Mpiompy omby sy akoho amam-borona ihany koa,...



## NY TENY FIAINANA

*Ohabolana 1:5*

*Aoka ny hendry hihaino ka hitombo saina; ary aoka ny manam-panahy hahazo fitarihana tsara;"*

# Samihafa hatrany ny lazain-dRajoelina sy ny ataony



**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Andry Rajoelina TGV, samy hafa foana ny zavatra lazainy sy ataony : kianjan'ny demlokrasia e, tsy haka tanin'olona e ,...

**Andria Haja :** maizon de menschgenzes!! na tranon-dainga. ce n est pas vre qu il ne ve pas l arzent de la BM ni EU ni de Fmi, mais ce sont Eux qui ne veulent pas, c est le financement de la mafia ki est en cours. Tsy ry Rajoelina no tsy tia ny volan'ny BM, ny FMI, ny EU fa izy ireo mihitsy no tsy mila ity fitondrana ity izay fitondrana Mafia.

**Ryhe Ramaharo :** azo raisina sady mitombina!

**Andriamanankasina Dera Ravonjiarisoa :** izay sisa no hany hain'ny fitondrana Rajoelina : mandainga.

**MFlo Rahary Manantsoa :** aza manaiky ho fitahany intsony nareo .

**Nénée Pinoit :** efa hatrizay anie io fikabé ataony io e!

**Tantely Randrianjafy :** rain'ny laingaaaa ! efa tsy ho voafitany intsony ny vahoaka fa efa tonga saina satria tena nataon'izy ireo nihinana ny IEM mihitsy hatreto.

**Angela Theodore :** tsy mikatona ny loha-maleminy.

**Lanja Winner :** zan v d anontaninao ee , kkkk. Fa tena fitondrana mandroso mhemotra: foza orana koa ity fitondrana Rajoelina ity a! efa nisy naratra maro sy voasambotra vao hajanona indray aloha ny fanotofana an'Ambohitrimanjaka. Tena mampihomehy sady mampalahelo ilay fitondrana.

**ZO Rabekoto :** zaza saina loatra misy mitondra @ sanga io?

**Lema Todisoa Rakotomamonjy :** tsy izay lazaiko no atao fa izay ataoko no atao!!!!

**Jose Jimmy :** efa io izy ee, ozy le hira ray zay. Izao vao manenina ireo nifidy azy satria tena mihinana ny IEM marina mihitsy.

**Celestin Ramandimbisoa :** raha lainga no horesahina dia tompony izy fa tsy mpindrana: hopitaly manarapenitra tsy andoavambola??? Tramway, machine à coudre mandeha courant,...

**Ando Rakotoarimanana :** i koto fatsora mpamadika tanindrazana.

**Fanantenana Ndranto :** ny fitiavana hono no lehibe indrindra nefa tsy mifanaraka @ izay akory ny zava-misy ankehitriny, aiza ihany le lem eee, fampiesonana no lehibe indrindra, efa 10 volana, jiro tapaka lava, ny rano tapaka lava, miakatra ny vidim-piainana,...

**Harintsoa Rasmoelina :** mandeha toy ny sokatra ilay train TGV.

**Neymar Junior :** marina mintsy, tena tsy afaka mihetsika eo amin'ny gara hatramin'izao ilay TGV nefa efa ho 10 volana izy ireo izaao no teo amin'ny fitondrana.

**Antoinne Antoinne :** io tokoa le velirano fa nivadika fahirano zay le izy ry Antananarivo. ef nilaza aho fa balarora be io président an lisan io. efa tong amin lisan ny fanotofana tany de hitan lisan tsara izy izao.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** tsy maintsy mihosindrà foana ve ny tanan'i Andry Rajoelina isaky ny mitondra???? (tetezamita sy izao). Voaporofo fa i Andry Tgv no tena mpanao jadona satria mpanongam-panjakana sy mpangala-bato ka miaro fatratra izay sezany izay, sao hifotrotra aminy ny nataony tamin'ny taona 2009.

**Tahina Heriniaina Rasoanaivo:** de ny tena no menatra e!

**Rasoanantenaina Rose:** mpanongam-panjakana kely, mpanao didy jadona, na le petit putschiste.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** sady mpanao jadona ilay tgv no mihosind-rà ny tanany tamin'ny resaka Ambohitrimanjaka.

**Jeanine Razafy :** alefa dada sy Rina a! na dia angalarina foana aza ny vatonareo.

**Rufin Rabefitiavana:** ataoko lehiben'ny mpanohitra Ravalomanana raha lany aho, aiza izany hatramin'izao, lalàna mbola tsy nihàtra aza ny lalànan'ny mpanohitra dia hovana indray.

**Martin Pierre Zafison:** efa hatramin'ny taona 2009 no nandainga hatrany Rajoelina sy ireo gazety sy haino amanjery mpomba azy.

**Christian Raveloson:** sady mpandainga no tsy mahay mitondra fanjakana Rajoelina sy ny forongony.

FAFAH MAHALEO

# Tam-pahamendrehana ny fanaovam-beloma farany azy

Mendrika ny fanaovam-beloma farany ny nofo mangatsiakan'i Fafah Mahaleo, na Rajaonarison Andriamihaingo Famantanantsoa omaly. Omaly tokoa no nalevina ity mpanakanto manana feo miavaka sy manga tao amin'ny tarika Mahaleo ity. Nentina tetsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina ny nofo mangatsiakany omaly, nahafahan'ireo mpankafy azy sy ny tarika nanao veloma farany azy. Tamin'izany no nanolorana azy ny mariboninahitra grand officier de l'ordre national Malagasy. Ny praiminisitra Ntsay Christian no nanolotra izany mari-boninahitra izany tamin'ny anaran'ny fitondram-panjakana. Ny Razana dia nanainga tao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena Mahamasina ny tolakandro, nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra tao amin'ny fiangonana FJKM Tranovato Faravohitra avy eo, mialohan'ny nandevenana azy tany amin'ny fasan-drazany. Tao amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina, nifandimby nanolotra hira ireo mpanakanto maro be nialohan'ny nihazoany ny fiangonana Tranovato Faravohitra. Teny amin'ny fasan-drazany teny Ilafy no nandevenana azy. Mandria am-piadanana Fafah.



*Ny fanaovam-beloma farany an'i Fafah, tetsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina.*

***Naina***

Zon'olombelona

# Misy mpitsoa-ponenana aman-jatony eto Madagasikara ankehitriny

Ratsy ny fandraisan'ny Malagasy an'ireo mpitsoa-ponenana miditra eto Madagasikara ary tsy misy lalàna afaka miaro ny zon 'izy ireny eto Madagasikara hatramin'izao. Famelabelarana sy ady hevitra nandinihina ny fomba hankatoavan'ny tompon'andraikitra sy ny fiarahamonina Malagasy ny zon'ny mpitsoam-ponenana no natao tetsy amin'ny Hotel Grand Mellis Tsaralalàna ny alatsinainy lasa teo, ho fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny zon' olombelona. Atrik'asa nokarakarain'ny Ministeran' ny fitsarana sy ny Ministeran'ny raharaham-bahiny, miara miasa amin'ny CDA (Centre de developpement d'Andohatapenaka) ; ny UNHCR (The Un Refugee Agency) ; Focus developement Association ; ny mpitandro filaminana ; ny mpanao gazety miaraka amin'ireo fikambanana misehatra amin' ny fanajana ny zon'olombelona. Nilaza Ramatoa Belalahy Hanitriniaina Tale misahana ny fanajana ny zon'olombelona eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena eny anivon'ny Ministeran'ny fitsarana, fa ny fametrahana drafitra nasionaly ho fanajana ny zon'ny mpitsoa-ponenana eto Madagasikara no tanjona. Mba hahafahana manatanteraka izany, nilaza Ramatoa Belalahy Hanitriniaina, fa hikarakara fikaonandoha nasionaly mba hijerena ny zavatra hataon'ny Ministera tsirairay amin'ny fanentanana sy fiarovana ny zon'ny mpitsoa-ponenana eto Madagasikara. Nanohy nanazava ity Tale misahana ny zon'olombelona eny anivon'ny Ministeran'ny fitsarana ity fa hatao ny fandresen-dahatra eny anivon'ny Governemanta, mba hankato na hi-« Ratifié » ny lalàna mifehy ny mpitsoa-ponenana amin' ny alalan'ny filan-kevitry ny Governemanta. Nilaza Ramatoa Belalahy Hanitriniaina fa hamafisina ny serasera miaraka amin'ny mpanao gazety amin'ny fampahafantarana sy fandresen-dahatra ny fiarahamonina Malagasy amin' ny fandraisana an'ireo mpitsoa-ponenana miditra eto Madagasikara. Nanamafy ity Talen'ny zon' olombelona eny anivon'ny Ministeran'ny fitsarana ity fa mitsoaka korontana na ady any amin'ny firenena nipoirany ireny mpitsoa-ponenana ireny, avy eo dia miverina any an-tanindrazany indray rehefa milamina ny taniny. Marihina fa aman-jatony ireo mpitsoa-ponenana eto Madagasikara ary tokony horaisin'ny fiarahamonina Malagasy tahakan'ny olona rehetra ihany izy ireny . Ny lalàna iraisam-pirenena izay mbola tsy ampiharin'i Madagasikara dia manambara fa raha misy fanenjehana any amin'ny firenena iray dia afaka mifindra monina any amin' ny firenena hafa ny olompirenena na mandrapahatapitra ny fanenjehana ary afaka miverina any amin' ny firenena nipoirany ireto farany rehefa milamina ny taniny. Ny sampan'asa « Haut Commisariat pour les refugiés » no mandray an-tanàna ny mpitsoa-ponenana eto Madagasikara.




*Ny fikaonandoha momba ny mpitsoa-ponenana tetsy Tsaralalana.*

***Franck Razakambelo***

Kaominina Ivato

## Voavaha ny olan'ny mponina: nozaraina ny fanamarinana momba ny fanorenana

Notanterahana omaly, teny amin'ny Tranompokonolona Ankadindravola, Kaominina Ivato ny fizarana ny fanamarinana momba ny fanorenan-trano nataon' ny kaominina. Nitaraina ny mponina ny amin'ny olana mianjady amin'izy ireo momba ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fampidiran-jiro sy ny fampidiran-drano fisotro madio. Ny trano miorina ara-dalàna sy misy fahazoan-dalana ihany no azo hampidirana jiro sy rano. Tonga nangataka teny amin'ny biraon'ny kaominina Ivato ny mponina niaraka tamin'ny sefo fokontany rehetra, ka nanagavy ny hanampiana sy hitsinjovana azy ireo. Namaha ny olana ny kaominina, ka fanamarinana fanorenan-trano an'arivony no nozarain'ny Ben'ny tanàna mpisolo-toerana, Andrianjakarivony Manitra maimaimpoana isampokontany, rehefa notakiana tamin'ireo mpangataka ny antontan-taratasy ilaina momba izany.



*Ny fizarana ny taratasy fanamarinana momba ny fanorenana teny amin'ny Kaominina Ivato.*

**Naina**

Ady amin'ny zava-maha domelina

## Jamala na rongony 3 gony saron'ny zandary

Eo amin'ny sehatry ny ady amin'ny zava-mahadomelina, jamala na rongony 3 gony amina fonosana 160, no saron'ny zandarimariam-pirenena any Nosy-Be faritra Diana, zandary ao amin'ny brigadin'i Dzamandzar. Raha nahazo antso avy amin' olon- tsotra tsara sitrapo izy ireo dia nanao fanadihadiana sy tonga tamin' ny toerana nisy ilay olona mpivarotra sy mpitondra antsokosoko ireo jamala ireo. Araka ny fanazavana izay nataon'i MIANDRISOA Jean Juliot, Komandin'ny Brigadin'ny Zandary any Dzamandzar Nosy Be dia teo amin'ny plaque ny Palm Beach izy ireo niandry bajaj. Nidina ifotony ireo zandary raha nahita ilay mpitondra jamala dia nandositra ka natsipiny tao anatin'ny lakan-drano ireo gony misy jamala ireo, tsy tratra kosa ny mpitondra ny jamala. Mbola manentana ihany ny zandary amin'ny fanomezana loharanom-baovao, fa indrindra ny hamongorana ity resaka jamala ity any Nosy Be, satria maro ny mpianatra tratra sy manao zavatra tsy fanao avy amin'ny rongony izay.

**Ny Valosoa**



*Ireo rongony tratra tao amin'ny brigady Dzamandzar Nosy-Be.*

Angôvo

## Mbola mampijaly ny mpanjifa ny solika

Mbola mampijaly ny mpanjifa ny solika, indrindra ny lasantsy hatramin'ny omaly. Mbola filaharana lavarenina moto, fiarakodia madinika, no hita tamin'ireo tobin-tsolika eto an-drenivohitra. Ny fanjifana solika kosa tsy dia nisy olana, na izany azaa, nisy ihany koa ny filaharana tamin' izany, na tsy lava toy ny filaharana lasantsy aza. Momba ity raharaha ity, nilaza ny tompon'andraiki-panjakana sy ny mpandraharahan'ny solika eto amintsika, fa mbola manana tahirin-tsolika mandritra ny 20 andro isika ary ho avy rahampitso zoma ny sambo hitondra ny famatsian-tsolika vaovao. Ny mampieritreritra amin'ity resaka ity, milaza ireo tompon'andraikitra fa tsy misy olana ny famatsiana ireto loharanon'angôvo ireto, misy anefa ireo toby mpitsinjara solika mikatona tsy mizara solika tsotra izao, midika izany fa tsy ampy ny fatsiana. Ny tsapa omaly, misy mihitsy ireo nitondra bidon sy barika any anaty fiarakodia, manangona solika ny dikany. Ny irariana dia hivaha izao olana izao, satria raha tsy ho ampy ihany koa ny famatsiana gazoala dia mety hiafara amin'ny fitokonambe izao zava-mitranga izao, satria hikatso tanteraka ny fiainam-pirenena, saika mandeha gazoala avokoa ireo fiara mpitatitra, ka dia ho sahirana tanteraka ny rehetra raha sanatria koa ka hisy ny tsy fahampiana gazoala izay. Vokatry ny IEM avokoa izany rehetra izany, IEM izay midika Insuffisance d'Essence à Madagascar, Insuffisance d'Elecricité à Madagascar, Insuffisance d'Eau à Madagascar, ...

**Isambilo**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, sy ny mpamaky azy ary izay mety hiantefany, izao taratasy manaraka izao momba ny raharaha Air Madagascar. "Nisy ny fifanarahana ( contrat de crédit bail) nataon'ny Compagnie Air Madagascar tamin'ny Companie Air France tamin'ny taona 2012 momba ny fampiasana ny fiaramanidina Airbus A 340 sy A 300. Ny contrat de crédit bail raha tsotsorina dia toy izao: mifanaraka ny roa tonta fa atao karazana fifampivarotana fampanofana ilay zavatra iray ( bien mobilier , ilay avion izy eto), ka aloa tsikelikely ny hofany sady vidiny. Rehefa voaloa avokoa amin'ny alalan'ny fampanofana ilay vidiny ao anatin'ny fe-potoana voafetra , dia lasan'ny ankilany ( Air Madagascar) ilay fananana ( avions). Raha sanatria kosa tsy voaloa ilay hofany - vidiny dia miverina amin'ilay tompony ilay fananana ( clause de réserve de propriété et de restitution). Ny olan'ny Air Madagascar dia niteraka fatiantoka goavana ny fampiasana ireo fiaramanidina (coût excessif de l'exploitation), hany ka tsy nahaleo ny sarany ny vidiny. Tsy voaloa ara-potoana ny vola nifanarahana fa ny antsasany ihany ka dia nitory teo anivon'ny Fitsarana ara-barotra frantsay ( tribunal de commerce) ny Air France ary nampiasa ilay " clause de réserve de propriété" sy ny " restitution " miampy onitra ( dommage et intérêts). Dia nivoaka iny ny didimpitsarana nanasazy ny compagnie air Madagascar vokatry ny fanaovana crédit bail an'ireo fiaramanidina Airbus. Zanatany frantsay i Madagasikara , ary ny système juridique eto Madagasikara dia nadika hatramin'ny 90 % ny système juridique français: izany hoe efa tsinjo mialoha ny risque sy enjeux rehetra mialoha ny fanaovana ilay crédit bail. Compagnie nationale ny Air Madagascar, fananam-pirenena , an'ny Vahoaka malagasy izany."

***Rakoto Tatou***
***Mpahay lalàna,***
***mpamaky gazety Ny Valosoa***

Bacc fihodinana faha-2 manokana

## Mpianatra miisa 29 no tsy tonga tamin'ny fanadinana tany Betroka

Nanomboka omaly, ka tsy hifarana raha tsy ny sabotsy izao ny fanadinana baccalaurét fihodinana faha-2 manokana manerana ny Nosy. Raha ny tany amin'ny tanànan'i Betroka, faritra Anôsy, nizotra am-pilaminana ny fiatrehan'ireo mpiadina izany tany an-toerana , izay ahitana mpiadina miisa 171 , ny 142 amin'izy ireo no tonga niatrika izany raha ny 29 kosa tsy tonga . Mpiadina miisa 7 no nisafidy ny A1 , A2: 142 raha 30 kosa ny D, tsy manana mpiadina nisafidy ny Sokajy C ny Centre any Betroka . Hentitra ny fanaraha-maso ny fanadinam-panjakana Baccalauréat tany an-toerana isorohana ny olana efa nisy teo aloha .
Nambaran-dRazafimahatratra Jean Hugues, mpampianatra mpikaroka ao amin'ny Oniverisiten'i Toliara fa tsy maintsy natao hentitra ny fanaraha-maso ireo mpiadina , tsy azo atao ny mitondra finday anatin'ny efitranom-panadinana, ajanona eo amin'ny efitrano fiasan' ny Sekretera ny Kitapo rehetra , nohamafisina ihany koa ny fiambenana izay nanetsehana Zandary roa sy Polisy roa ihany koa, ho fanamafisana ny filaminana ary manampy ireo tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ireo mpiadina isorohana ny mety fihoarampefy ataon'ireo Mpiadina. Tomombana avokoa ny pitsompitsony ara-teknika rehetra iatrehana ity fanadinam-panjakana ity any Betroka , ny taranja Filozofia no nisantarana izany omaly maraina.

**Stefa**



*Ny sasany amin'ireo miatrika ny fanadinana bacc fihodinana faha-2 manokana any Betroka.*

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

## Basy 4 vita gasy saron'ny zandary

Saron'ny zandary avy ao amin'ny Tobim-paritra Ampanefena any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava, tao Masomamangy fokontany Ambodipont-Anjambazamba, Kaominina Antsirabe Nord, ny lehilahy iray mpivarotra basy vita gasy miaraka amin'ny basy fohy roa sy basy lava roa tamin'ny sabotsy teo. Marihina fa nikasa saika hamidy ireo basy ireo ary vaovao avy tamin'olona tsara sitrapo no nahafantarana sy nahafahana nisambotra azy. Ny lietnà-kolonely Hajatiana Ralaikoto, komandin'ny vondron-tobim-pileovan'ny zandarimaria ao SAVA dia manentana hatrany ny vahoaka, mba tsy hisalasala amin'ny fanomezam-baovao ny zandary, hahafahan'izy ireo manao ny asany amimpahombiazana ary manome toky, fa ho tazonina ho tsiambaratelo tanteraka ny mikasika izay manome vaovao ary koa omena mari-pankasitrahana.

**Naina**



*Ireo basy vita gasy sarony tany Vohemara.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**19/10/19 hatramin'ny 26/10/19**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 970-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FARITRA BOENY

## Miara-mitantana ireo vakoka zahantany ao Mariarano ny VOI

Nomarihina tamin'ny fomba ofisialy, ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny "La Promenade", Mahajanga Be ny fandraisan'anjaran'ny Vondron'olona ifotony (VOI) Sambatra, amin'ny fitantanana ireo vakoka zahantany "Complexe Antanamarina", ao amin'ny kaomina ambanivohitr'i Mariarano, distrikan'i Mahajanga II. Lanonana fifanaovan-tsonia teo amin'ny Lehiben'ny Distrikan'i Mahajanga II, Rakotonindrina Tolotriniaina sy ny Filohan'ny VOI Sambatra no nanamarihana izao fampidirana ity farany sy ny mpikambana ao aminy ho mpiara-mitantana ny "Complexe Antanamarina" izao. Nisolotena ny Lehiben'ny Faritra nanatrika ny lanonana ny Talen'ny kabinetran'ny Faritra Boeny, Todivelo Cyrille, ary solontena maro avy amin'ny fizahantany, ny kolontsaina, ny tontolo iainana, ny Oniversite ary solontenan'ny mponina avy ao Mariarano no tonga nanotrona ny lanonana.

**"Complexe Antanamarina"**

Anisan'ireo vakoka voarakitra ao amin'ny fanisana nataon'ny Sampandraharaha LOVAKO, izay ambany fiahin'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, ary misahana ny firaketana ireo harem-bakoka eto Madagasikara ity "Complexe Antanamarina" ao amin'ny fokontanin'Ambondrombe, ao Mariarano ity. 83km, avaratra atsinanan'i Mahajanga no misy azy. Voafehy ao anatin'io Complexe io, ireo toerana telo tena kanto anisan'ny mahasarika mpizahantany Malagasy sy vahiny betsaka ao Mariarano: ny Zohin'Anjohibe, ny Riandranon'i Mahafanina ary ny Dobo filomanosana vita nanahary Andranodobo, lalina hatrany amin'ny fito metatra. Ireo rehetra ireo izay samy hodidinin'ala mbola voatahiry.

**Tandindonin-doza**

Noho ny tsindry ataon'ny mponina eny an-toerana sy ireo avy ivelan'ny kaomina, ary indrindra noho ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro anefa, dia tandindonin-doza ireo vakoka zahantany ireo. Ka nanomboka ny taona 2014 dia nitondra tantsoroka tamin'ny kaomina sy ny vahoaka eny ifotony ny Fiarahamiasa alemaina, tamin'ny alàlan'ny PAGE-Giz (Programme de gestion de l'environnement) hiaro sy hanome lanja bebe kokoa ireo vakoka ireo, mba hitazonana ny fizahantany tsy ho tapaka, ka hitondra fampandrosoana maharitra ho an'ny vahoaka any an-toerana.

**VOI Sambatra**

Ny taona 2016 no nitsangana ny VOI Sambatra, ka rehefa nahatsapa fa tombontsoa ho azy ireo sy ny vahoaka eny ifotony ny fananana maharitra ny "Complexe Antanamarina" dia vonona izy ireo ny hiaro izany. Tapaka teo anivon'ny Filankevitry ny Kaomina Mariarano ary fa hiara-mitantana io "Complexe" io amin'ny Kaomina sy ny "LOVAKO", ny VOI Sambatra. Ny fiambenana, ny fiarovana, ny fikojana ny faritra anatiny sy ivelany no anisan'ny anjara andraikitry ny VOI Sambatra. Eo ihany koa ny fanentanana tsy tapaka ireo mponina eny antoerana, mba hahatsapa fa tombontsoa ho azy ireo ny fiharetan'ny fisian'ny "Complexe Antanamarina".

**Saram-pitsidihana**

Misy sarany ny fitsidihana ny "Complexe Antanamarina": 3000 Ar ho an'ny teratany Malagasy ary 15 000 Ar ho an'ny mpitsidika vahiny. Maimaimpoana ny fitsidihana ho an'ny mpianatra sy mpikaroka malagasy ny alarobia hariva. Mpikambana roa avy ao amin'ny VOI Sambatra no tendren'ny Kaomina hisahana ny fivarotana ny tapakila fidirana, izay mitsinjara toy izao: 40% mandeha amin'ny "LOVAKO", 60% mirotsaka amin'ny Kaomina. Amin'io 60% io kosa no hangalan'ny Kaomina 10% ho tambinkaraman'ireo VOI roa mpivarotra tapakila, ary 20% arotsaka mivantana ao amin'ny kitapombolan'ny VOI Sambatra.

*Aly*

Fandotoana tontolo iainana

## Nandray ny andraikiny tamin'ny orinasa JR Métaux ny ONE

Manoloana ny loto sy fanimbana ny tontolo iainana ateraky ny orinasa JR Métaux, fandrendrehana vy eny Ampangabe Antananarivo Atsimondrano, faritra Analamanga, dia nidina teny an-toerana ny solontenan'ny sampan-draharaha miaro ny tontolo iainana, na ny ONE. Nametraka ny fepetra rehetra tsy maintsy atao, hiarovana amin'ny fiparitahan'ny setroka misy taim-by, izay mankarary ny mponina eny an-toerana, ny fitandroana ny rano, ny fiparitahan'ny fako, ny fiarovana ny mpiasa, ny fanarahan-dalàna manodidina ny fahasalaman'ny mpiasa ny ONE tamin'izany. Nanome fepotoana ho an'ny orinasa JR Métaux ny ONE, ary efa voaray avy amin'ny mpampiasa ny tetikasa fanitsiana hanatsarana ny tontolo iainana. Eo ampandinihina izany tetikasa fanitsiana izany ny ONE, ary dia hanara-maso ny fanatsarana rehetra ataon'ity orinasa ity.

***Stefa***




*Ny fandotoana ny rivotra ataon'ny orinasaa JR Métaux eny Ampangabe.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 298**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0297)

***Mitsivalana***
- Farara
- Ila – Al(a)
- Anaao (Miv) – BOA
- oangory
- Aia ?
- Nianatra
- Aoka – Ony (Miv)

***Mitsangana***
- Fiovana
- Alao – io
- Rana – Ka (Miv)
- Anana
- Re – Gia
- Boaty
- Roa (Miv) – RN
- Ilainao

### TENY MIFANAPAKA N° 298




**Mitsivalana**

**1.** Manelingelina, sarotra **2.** Tsofoka – Toeram-piasana (Miv) **3.** Iray tampo – Tsirin-teny Mpanao (Miv) **4.** Eo amin'ny tratra – Hatsiaka **5.** Atsahatra – Vazo (BR) **6.** Fiandohan'ny litera – Hena sy anana (BL) **7.** Santionany **8.** Orinasa mpiantoka – Tsy misy fahadiovana (Miv) **9.** Fototenin'ny fanesorana – Heno **10.** Bibikely – Matoanteny (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Manampahefana fahiny **B.** Kianteny – Ekipa malagasy **D.** Kere – Leha **E.** Loka **F.** Risika **G.** Foto-tenin'ny fifamoivoizana (Miv) – Kilema (BL) **H.** Dadany (BR) – Volana maromaro (Miv) **I.** Mari-bola – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **J.** Nirady dia (BR) – Ao amin'ny vary **K.** Firakotra (Miv) – Tolory

### Valiny Teny mifanaraka 0297

***Mitsivalana***

1. Railovy – Mi (Miv) 2. EM – Nanala 3. Nandeha – AN 4. Ilaina – Dio 5. Ro – Naoty 6. Maina (Miv) – Eh 7. Nao – Onina 8. Tsaka – No (Miv) 9. Olana 10. Vola – Fisa

***Mitsangana***

A- Renirano B. Amalona – Zo D. Na – Toy (Miv) E. Dina – Soa F. Maneno (Miv) – Lo (Miv) G. Vahoa – Fako (Miv) H. Ina – Tenany I. Dihy – As J. Ilay – No(fy) K. Manentany

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny kandidà Rina N°2 teny Andranomanalina, Manarintsoa, Andavamamba omaly.














Rina sy ny antoko TIM nitsapa alahelo ny fianakavian'i Fafah Mahaleo teny Andohalo ny talata alina teo.



